# TORITENY - ALAHADY faha-30 TSOTRA - TAONA D 2025



## *Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko fa mpanota aho!'*

Ry Kristianina havana, izao Alahady faha-30 mandavantaona izao no Alahady hamaranantsika ny volana Oktobra, alahady mialohan'ny famaranantsika ny volan'ny Raozery izay hiarahantsika mivavaka amin'i Masina Maria, hitalahoantsika miaraka aminy ireo fahasoavana maro samy hafa mba hahatonga antsika ho mpamafy ny famindram-po tahaka azy eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Tohizantsika ihany koa ny fandalinana mikasika ny maha vita Batemy EOV Misionera antsika fa indrindra miomana amin'ny Sinaody Fijanonana faha-3 isika.

> ***Vakiteny I :*** *Ekl. 35, 15b-17. 20-22a*
> ***Salamo :*** *Sal. 33*
> ***Vakiteny II :*** *2 Tim. 4, 6. 8. 16-18*
>
> ***Evanjely :*** *Lk. 18, 9-14*

Efa nohazavaintsika rahateo koa ny mikasika ny fivavahana, marina mila mivavaka isika ary mila an'izay fahasoavan'Andriamanitra izay fa ny marina ihany koa dia Andriamanitra mila antsika mba handray ny sitrapony ka afaka hizara ny sitrapony eo amin'ny mpiara-belona. Ny fivelomantsika ny sitrapon'Andriamanitra no mitondra antsika amin'ny hahasambatra, hahatsara ary hahaizantsika mifanasoa sy mifampitsimbina eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Io no nataon'i Masina Maria tamin'ny fiainany, izay banjinintsika mandritra ny volana oktobra izao mba hanampy atsika ho tonga fitaovan'Andriamanitra ka hitondra an'i Jesoa ilay famindrampon'Andriamanitra fa indrindra amin'izao taona masina izao. Efa mamaramparana an'izao taon-jobilin'ny fanavotana izao isika ka aoka hahay

hananararaotra izao fotoana izao hiaraka amin'i Masina Maria mba hanamasina ny fiainantsika. Masina ny fiainantsika raha eo anivontsika Andriamanitra ary raha eo anivontsika izy dia mpamafy famindram-po isika ka lavitra eo anivon'ny fiaraha-monina misy antsika sy ny fianakaviantsika ireny herisetra ireny sy ny hetraketraka vokatry ny fitiavan-tena ary ny fialonana fa manjaka kosa ilay fitiavana namana ao anatin'ny fo madio tahaka an'i Masina Maria ka alaintsika tahaka koa eo amin'ny fiainantsika. Izany indrindra ry Kristianina havana ny hafatra tian'ny Eglizy ampitaina amintsika amin'izao Alahady faha-30 mandavantaona izao ka hibanjinantsika indray ny vavaka.

Tsara ihany koa ny manamarika amin'ny maha Olo Araiky antsika jiaby fa maro amin'ny diaspora any ivelany any Eoropa no hanantanteraka fivahinianana masina any Roma amin'ny herinandra ho avy iny ka miombona amin'izy ireo isika. Matoa manao fivahinianana masina dia tsy mitsangatsangana fa hivavaka, hanamafy finoana sy hiroso lalindalina kokoa amin'ny fandraisana an-tanana. Mino aho fa hanampy azy ireo ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-30 mandavan-taona izao miresaka indrindra mikasika ny vavaka, tohiny tamin'ny alahady lasa teo.

Ny tenin'Andriamanitra androany milaza fa "ho henoim-bavaka izay manetry tena". Io izany ny toetra tena ilain'ny mpivavaka rehetra ary hitantsika ao amin'i Masina Maria izany. Io ny toetra ahafahantsika mampibihagna, mamoha ny fiainantsika ka ahafahantsika mampiditra an'Andriamanitra amin'ny fiainana. Io no toe-panahy tsy maintsy hivelomantsika amin'ny fiainantsika andavanandro : mba hahatonga ny vavaka ho fiainana ary ny fiainana ho vavaka dia mila fanetren-tena isika.

Inona tokoa moa izany no atao hoe fanetren-tena ? Ny fanoharana nataon'i Jesoa androany ao amin'ny Evanjely no aoka horaisintsika. Araky ny voalazany dia nisy roa lahy niakatra nivavaka ; ny Farisianina izay fantatsika ny toetrany izay mihevi-tena fa efa mahalala sy mahavita ny fandalinana rehetra. Io no toetra matetika mahavoa antsika, fakam-panahy manjo antsika ohatra ny milaza hoe vita batemy, kominio voalohany, konfirmasio, mariazy izany hoe vita raha jiaby. Io no toetran'ny Farisianina hitantsika eo izay misaotra an'Andriamanitra izy fa niaina sy nivelona ny fampianarana araky ny lalàna sy fepetra nefa ety ivelany ihany izany fa tsy ny fo no manao azy ary indrisy aza noho izay hoe ety ivelany no asongadina dia milaza izy fa tsy tahaka an'ilay Poblikanina izay tsy mifady hanina, manana toetra tsy mendrika, izany hoe mitsara olona ilay Farisianina. Fantatsika fa tsy izay tanterahintsika ety ivelany fotsiny izay mety ho fihatsaram-belatsihy fa ny fontsika no tena jeren'Andriamanitra ary dia henontsika teo fa ilay Poblikana nanetry tena sy nitalaho ny famindrampon'Andriamanitra ka nohavaozin'Andriamanitra ny fony no nanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra.

Inona no tena hafatra lehibe tian'i Jesoa ambara amintsika eto ? Tsy ny fanatanterahana ny lalàna no tena zava-dehibe, ilaina dia ilaina izany, aoka koa ry Kristianina havana tsy handiso isika ka hilaza fa nandrara an'izany ny fampianarana atao izao ka tsy ilaina intsony ny fanatanterahana ny didy folo. Diso hevitra isika raha mieritreritra an'izany. Ilaina ny fanatanterahana azy ireny fa mila avy ao anatin'ny fo ka manova ny fiainantsika. Raha manatanteraka tokoa ny batemy noraisintsika isika dia avy ao anatin'ny fo izany, ary raha manatanteraka ny sakramentan'ny mariazy izay noraisintsika isika dia avy ao anatin'ny fo no iainana azy ka zary fianakaviana Eglizy kely misy an'Andriamanitra ny fiainan'ny fianakaviana misy antsika ka miova tokoa ny fiainantsika; miova ny fiaraha-monina. Raha manatanteraka ny didy folo isika dia tsy misy intsony ny herisetra fa mifanaja isika ary dia miova ho tsara ny fiainantsika, izany ny tanjona tian'i Jesoa lazaina eto fa tsy hoe ratsy ny fanatanterahana ny didin'Andriamanitra na koa hoe tsy ilaina ny vita batemy na vita mariazy, sanatria izany. Ny tadiavin'I Jesoa dia avy ao anatintsika ao no hanatanterahintsika azy fa tsy ho voan'ny henamaso na fihatsaram-belatsihy fa ao anaty fanetren-tena tanteraka no entintsika mivelona ny finoantsika eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika.

Izay no ambaran'ny vakiteny voalohany amin'ny alalan'ny bokin'ny Siraka : *rehefa isika tokoa no mivavaka dia mihaino antsika Andriamanitra satria mahalala ny fontsika izy*. Ray izy ka mahalala ny fontsika manontolo, tsy mijery ny zavatra ataontsika izy, tsy mizaha tavan'olona izy fa ny fontsika no jereny ary ny fo feno antra, tahaka an'i Masina Maria feno fanetren-tena. Diovin'Andriamanitra mandrakariva ny fontsika raha ekentsika ny mandray azy.

Ny fanontaniana mipetraka dia hoe ahoana ny fomba hanadiovan'Andriamanitra ny fontsika ? Araka ny voalazantsika rehefa niresaka momba ny vavaka dia notsipihintsika fa miditra ao amin'ny fiainantsika Andriamanitra rehefa mihaino ny tenin'Andriamanitra isika. Izany ny finoana ka manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra isika amin'izay. Raha mihaino ny tenin'Andriamanitra isika dia io no manadio ny fiainantsika.

Nataon'i Masina Maria izany ary amin'izao volana oktobra, volan'ny Raozery izao dia izy no modely sady mpivavaka ho antsika ary maniraka antsika tahaka ny voalaza ao amin'ny bokin'ny Siraka : amin'izay dia Andriamanitra no mitantana antsika ka hanatsara ny fiainantsika.

Voalaza koa izany ao amin'ny vakiteny faharoa taratasin'i Md Paoly : rehefa tanteraka tokoa izay fanetren-tena izay ka miombona amin'Andriamanitra isika, na inona miseho na inona mety mitranga dia vonona mandrakariva ny mpanetry tena amin'Andriamanitra sy ny mpivavaka amin'Andriamanitra ary ny mpanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra ka afaka hilaza tahaka an'i Md Paoly amin'i Timote : "*Izaho dia mova tsy efa haîdina ho fanatitra sahady, ary efa antomotra ny andro hialako. Niady ny ady tsara aho"* izany hoe niatrika an'izay fiainana izay ka nodiovin'Andriamanitra ny fo ary rehefa voadion'Andriamanitra ka

vonona tokoa dia afaka miroso amin'izay fitsaran'Andriamanitra dia ilay fitsarana voalazan'i Siraka. Voalazan'i Md Paoly koa fa tsy nisy nanampy azy niatrika an'izany ka na dia eo aza ny tsy fanampian'ny olona dia afaka amin'ny asa ratsy rehetra izy noho ny fahasoavan'Andriamanitra "*Hamonjy ahy ny Tompo*". Izany tokoa ny fanantenantsika.

Ary efa mampiditra antsika tsikelikely ireo tenin'Andriamanitra androany ireo amin'ny fankalazana ny voalohany sy faharoan'ny novambra izay hahatsiarovantsika ireo izay efa nialoha làlana antsika. Raha mankalaza an'ireo efa nialoha làlana isika dia mahatsiaro ny fiafaran'izao tontolo izao.

Io no voalaza teo am-piandohana fa miditra tsikelikely amin'ny famaranana ny taon-jobily isika ary fantatsika fa ny fankalazana an'i Kristy mpanjaka no hamaranana an'izany. Ka ireo vakiteny androany dia mampiditra antsika bebe kokoa amin'ny maha mpivavaka sy maha Kristianina antsika : mampiombona ny fiainantsika amin'i Jesoa izay mitaky ny toe-panahy manokana dia ny fanetren-tena. Io no hihainoan'Andriamanitra ny vavaka ataontsika, Andriamanitra miditra ao am-pontsika ka manjaka ao izay mitondra antsika amin'ny tena fiainana maha zanak'Andriamanitra hahazoantsika ny tena fahasoavana marina.

Aoka àry isika mianakavy hahay hanararaotra izao Sinaody izao hanatanterahantsika ny Fivahinianana Masina mampiombona amintsika ka miroso amin'ny fifampitsimbinana, amin'ny fifanasoavana ka mikatsaka ny soa iombonana.

Ry Jesoa Tompo ô aza avela hanana ny toe-panahy voalazanao amin'ny fanoharana izahay, izany hoe ny toe-panahy farisianina, fa aoka hahay hanaiky am-panetren-tena ny tsy fahamendrehanay tahaka ny mpanora-dalana sy ny mahantra sy malemy miatrika izao fiainana izao. Ianao no fahasoavana mankahery anay ka enga anie hodiovinao tokoa ny fonay, ho tsotra ny fiainanay ka ho zary ~~ho~~ famantaram-pamonjena ho an'ireo manodidina anay ka ho Mpivahinin'ny Fanantenana, mpamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no malagasy. Masina Maria Reny ô, Mpanjakavavin'ny Rozery mivavahà ho anay mba hibebaka, hiova marina ka vonona hampibihagna ny tamiagna, hamoha ny fiainana ka handray an'I Jesoa sy hitondra an'I Jesoa eo amin'ny Mpiara-belona. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy ianao ka mivavahà ho an'ny fianakaviana miatrika izao krizy izao. Ianao koa efa niatrika krizy teo am-pikarakarana ny Fianakaviana Masina. Ankinina aminao ny fianakaviana maro anatin'ny fahasahiranana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson